


TORITENY – SAMPAKAZO - TAONA D
FAHATSIAROVANA NY NIDIRAN'NY TOMPO TAO JEROSALEMA



Hankalazaina anie Ilay avy, amin'ny Anaran'ny Tompo

Ry Kristianina havana, izao Alahady sampakazo izao no ankalazan'ny Eglisy ny nidiran'i Kristy tao Jerosalema, fantantsika ny dikan'izay hiditra amin'ny fijaliana izy, handalo ny paka izay paka lehibe mitondra atsika amin'ny famonjena. Mandalo ny fahafatesana i Kristy mampibaribary fa tonga olombelona izy, tonga nofo tokoa ny zanak'Andriamanitra mba hahatonga atsika olombelona ho zanak'Andriamanitra ary izay ny vokatry ny fitsanganan-ko velon'i Kristy. Isika ihany koa raha miaramaty aminy amin'ny fahotana dia hiara-mitsangana aminy, ho velona miaraka aminy, hahazo ny aim-baovao maha-zanak'Andriamanitra. Izany ny dikan'ny batemy ary izay indrindra ry Kristianina havana no ankalazana ny batemy amin'ny andro fankalazantsika ny fitsanganan-ko velona.

Herinandro lehibe ary no ankalaizantsika manomboka amin'izao Alahady sampakazo izao, hitantsika

Vakiteny I : Iz. 50, 4-7

Tononkira : Sal. 21

Vakiteny II : Fi1. 2, 6-11

Evanjely : Lk. 22, 14 – 23, 56

fa noraisina tahaka ny mpanjaka i Kristy nefo tsy araky ny fijerin'izao tontolo izao ny tena maha-mpanjaka sy maha be voninahitra azy ny zava-niseho ; "hôzana" hoy ireo vahoaka tao Jerosalema, marina tokoa fa mpanjaka i Kristy kanefa tsy fanjakazakana hanapotehina na hanaovana olona tsindry hazolena fa kosa hitondra azy amin'ny fahafahana marina izay maha-zanak'Andriamanitra azy.

Jesoa maneho ny fitiavany farantampony

Asaina ary isika ry Kristianina havana fa indrindra amin'ny alalan'ny Evanjelin'i Md Lioka (Lk. 22, 14 - 23, 56) amin'izao taona D izao mba handinika bebe kokoa ny tantaram-pijalian'i Jesoa, mba ho tafiditra lalina ao am-pontsika tsirairay avy ny tantaram-pamonjena ho antsika izay.

Araka ny lazantsika matetika, ny fankalazana ho antsika dia tsy hoe fahatsiarovana fotsiny, tsy hoe mibanjina fotsiny ny tantaram-pijalian'i Kristy isika fa noho ny asan'ny fanahy masina dia maninteraka amin'ny fiainantsika manontolo izay tantaram-pamonjena izay ka zary hiainantsika sy hivelomantsika tanteraka. Azo lazaina fa io ny farantampony satria mampibaribary ny famindrampon'ny fitiavan'Andriamanitra, ary ny famonjena atsika izay eo anivontsika tokoa.

Hitantsika fa Andriamanitra dia tia antsika, be famindrampo izy ka naniraka an'i Jesoa zanany. Jesoa no endriky ny famindrampon' Andriamanitra, izy ilay eo anivontsika mandrakariva. Izay no ankalazaantsika amin'izao herinandro masina lehibe izao, amin'izao fidiran'i Jesoa ao Jerosalema izao ka samia ary isika mibanjina an'io tantaram-pamonjena atsika io izay anehoan'i Jesoa izay fitiavany farantampony. Tsy araky ny fahendrentsika olombelona araky ny voalazar'i Md Paoly fa araky ny fahendren'Andriamanitra. Ataon'olona ho adalana izay ho an'ny sasany fa fahendrana ho antsika tokoa ilay fanoloran-tenan'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana. Voalaza teo fa ny fanoloran-tenan'i Jesoa no maneho tokoa fa fitiavana izy sy eo anivontsika Andriamanitra, Emanoela tokoa izy.

Tsy hoe eo anivontsika izy, na koa hoe tsy Andriamanitra mitazan-davitra fa Andriamanitra handray ny rofintsika rehetra ka amin"izay ireo fahorian, ireo fijaliana manenika ny fianantsika ireo dia misy valiny ankehitriny dia ny fitiavan'Andriamanitra raha miombona aminy tokoa isika.

Izay no anasana atsika rehetra amin'izao Alahady ny sampakazo izao ry Kristianina havana fa indrindra isika tanora, andronofidin'i papa Md Joany Paoly faha-2 ny Alahady ny sampakazo ity ho Alahadin'ny tanora. Ny tanora manko azo lazaina fa antoky ny ho avy hivelona an'izay fiaianana maha-zanak'Andriamanitra izay. Noho ny fahatanorana, dia natolotron'i papa ary ny lalana hivelomana an'izany mba tsy ho fahendren'izao tontolo izao no hanentana ny fanantenana, satria izay no mahatonga ny tanora dia ny fanànana an'izay fanantenana izay, fa hibanjina bebe kokoa ny tena fitiavana satria ny fitiavana dia mahafo, hibanjina ny tena fitiavana dia i Kristy. Miditra amin'ity herinandro lehibe anehoany ny tena fitiavany izay isika. Misy dikany ny tena fiaianana ka na dia eo aza ny fahorian, ny fijaliana dia zary lalam-pamonjena ho an'izay mibanjina ny tena fitiavana. Izay no mahatonga ahy mamerimberina amintsika matetika hoe; "aza manaiky ho viravirain'olona ny fanantenanao, aza atolotra amin'olona na zavatra tsy atokisanao hamelona sy haninteraka an'izay fanantenana izay ny fanantenanao fa atolory an'izay afaka manolotra ny tena izy ary mampisongadina an'izay fanantenanao izay mba haninteraka amin'ny fiaiananao".

Tsy ho an'ny tanora ihany no anaovana an'izay hafatra izay fa ho antsika mianakavy.

Noho ny famindrampon'Andriamanitra, hiditra amin'ny fiaianana maha-zanak'Andriamanitra isika

Enga anie izao fidirantsika amin'ny herinandro masina izao mba hanampy atsika bebe kokoa araky ny Evanjely tantaram-pamonjena izay norenesintsika teo, araky ny nidiran'i Jesoa tao Jerosalema ka niakarany tao amin'ny kalivery mba hamonjeny atsika. Isika koa anie hiditra lalindalina kokoa amin'ny fiainantsika fa indrindra amin'izao taona ny famindrampo izao. Raha miara-maty amin'i Kristy, miara-mibebaka isika, izay no dikan'ny varavarana masina mba hidirantsika bebe kokoa amin'ny fiaianana

maha-zanak'Andriamanitra atsika. Raha miombona amin'i Kristy isika, hiaraka aminy hamakivaky an'ity herinandro masina ity, hiakatra an'i Jerosalema, hiakatra ny kalivery dia hitondra famonjena bebe kokoa ho antsika. Samia vonona hanolo-tena miaraka amin'i Jesoa isika ka ho fo vaovao, ho lavitra tokoa ao amintsika ireny hery setra ireny na ao amin'ny fianakaviana Eglizy kely, na ao amin'ny fiaraha-monina fa mba ho samy vonona isika hibanjina an'i Kristy amin'ny fainantsika manontolo. Na dia eo aza ireo zava-manahirana atsika tsirairay avy amin'ny fainantsika dia hifanompo isika satria azo lazaina fa izany no vokatry ny fahafoizana ateraky ny fanoloran-tenan'i Jesoa. Ao anatin'ny fanompoana no entin'i Jesoa mampanjaka an'izay maha-mpanjaka azy izay.

Mpanjaka tokoa i Jesoa, noraisina amin'ny fomba manetriketrika tao Jerosalema, mpanjaka izy fa mpanjaka hanompo ary ao anatin'izany fanompoana izany no mampibaribary ny fahafoizany.

Hahafoy koa anie isika tahaka an'i Kristy

Enga anie isika koa hahafoy ho an'ny hafa ka ho vonona hifanompo amin'izay ataontsika rehetra dia ho lavitra tokoa ireny hery setra eo anivon'ny fianakaviana ireny, ny fiaraha-monina, ny firenentsika, eo anivon'ny tanganantsika fa mba hanjaka tokoa ny rariny sy ny hitsiny, hanjaka ny fifamelan-keloka, hanjaka ny fihavanana ary dia izany ny paka. Izany koa no andrandraintsika amin'izao herinandro masina izao mba hanjaka tokoa ny tena fihavanana. I Kristy manolotra ny ainy teo amin'ny hazo fijaliana dia vokatry ny fahafoizany, vokatry ny fanompoany hampihavana, hampionbona ao anatin'izay Eglizy fiombonana izay ary fahateram-baovao ho atsika izay.

Ny tenin'Andriamanitra izay aroso amin'izao andron'ny sampakazo izao dia mampahatsiaro atsika an'izany rehetra izany, na ny bokin'Izaia (Iz. 50, 4-7) izay mampibaribary an'ilay endrika sy famindrampon'Andriamanitra ; "tsy nafeniko tamin'ireo nandratra ahy ny tavako ary fantatro fa tsy ho menatra aho". Aoka tokoa ary isika mba tsy ho menatra manambara ny finoantsika na dia mety misy aza ny fijaliana, ny fanenjehana, hatoky ny famindrampon'Andriamanitra isika. Izay koa no ampibaribarian'ny vakiteny faharoa (Fi1. 2, 6-11); izay tononkira fantantsika tsara i Jesoa ilay endrik'Andriamanitra, nilatsa-tena ho ambany mba hanavotra atsika, io no lalam-pamonjena ry Kristianina havana. Izany no dikany fidiran'i Jesoa tao Jerosalema, ny sampakazo ho antsika, manetry tena isika mba hiombona bebe kokoa amin'ny fitiavan'Andriamanitra, amin'ny famindrampon'Andriamanitra.

Ry Jesoa Tompo ô, enga anie izao fidiranay amin'ny herinandro masina izao hanampy anay mba hiditra bebe kokoa amin'ny fainana maha-zanak'Andriamanitra ka ho vonona hanolo-tena izahay, vonona hibebaka tokoa ka hanokatra ny fonay.

Ianao tokoa anie hanjaka ao am-ponay ka hanjaka manenika ny fainanay manontolo.

Hiezaka izahay mba hifamela heloka, mba hifanaja, ary dia hitoetra eo anivonay tokoa anie ny fitiavanao. Na dia eo aza ny zavatra manahirana dia hiaraka aminao tokoa izahay, hiaraka hiakatra aminao any amin'ny kalivery ka hahazo ny fiadanana. Omeo hery mba tsy handao anao mandrakariva hatramin'ny farany, hifankatia toy ny notiavanao anay izahay. Amen